REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

10 JAN 2019

# FILAZANA

## Mahakasika ny asa fitsirihana ara-ketra natao teto amin'ny DGI

Ilazana ny mpandoa hetra fa ny asa fanamarinana natao ny faran'ny vola desambra 2019 teo, izay niafara tamin'ny fandefasana taratasy filazan-ketra fanampiny, dia tafiditra ao amin'ny anjara asan'ny DGI ary mahakasika ny taona 2016.

Izy ireny dia niainga tamin'ireo antontam-baovao avy amin'ny fanambarana nataon'ireo olon-tsotra na orinasa na ONG, nivarotra na nividy, na nampanao asa tamin'ny olona rehetra niara-niasa taminy nandritra ny taona 2016 (Déclarations de droit de communication) ; ka nahazoana na ny vola maty na ny vola nivoaka nividianana entana.

Raha misy ny fahasamihafana eo amin'ny fanambarana ataon'ny mpandoa hetra sy ny tahirim-baovao eo am-pelatànan'ny fiadidiana ny Hetra dia anjara asan'ny mpiasan'ny hetra, araka ny voalazan'ny lalàna manankery, no mandefa ireny taratasy fampahafantarana na "notification" ireny any amin'reo mpandoa hetra nahitana izany tsy fitoviana izany.

Fampahafantarana ihany io, ary araka ny voafaritry ny lalàna manan-kery hatrany, dia anjarantsika mpandoa hetra ary zotsika feno no mitondra fanazavana bebe kokoa miaraka amin'ny porofo ny amin'izay mety tsy mampitombona na maha diso ny kajy natao tao anatin'ireny filazan-ketra fanampiny ireny.

Ny DGI dia mitsinjo hatrany ny zon'ny mpandoa hetra ka noho izany no antony andefasana ny antsipirihan'ireny antontam-baovao ireny miaraka na aorian'ny taratasy filazan-ketra fanampiny, ka manomboka amin'ny daty nandraisana ity farany no anisana ny fetr'andro famaliana.

Noho izany dia asaina isika mpandoa hetra voakasik'ity fitsirihana ity ka naharay ireny taratasy ireny mba tsy ho mora andairan'ny tsaho ka tsy hisalasala hanatona ireo birao fandovan-ketra nanasonia izany raha misy fanazavana fanampiny mety ilaina.

Fantaro ny zonao ary aza mety miditra amin'ny kolikoly na inona na inona antony sy endriny.

**NY TALE JENERALIN'NY HETRA**

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
*Inspecteur des Impôts*